# FPAOI

## Federasionan'ny mpanjono mpanao asa tanana any amin'ny ranomasimbe Indianina

Zanaky ny tetikasam-paritra SWIOFish2





# Fampidirana

Nanampy tamin'ny famoronana ny Federasionan'ny mpanjono mpanao asa tanana any amin'ny ranomasimbe Indianina (FPAOI) ny Vaomieran'ny ranomasimbe Indianina (COI), ny taona 2015, tamin'ny alàlan' ny fandaharan'asa SmartFish.

Valin' ny filàna maika teo amin'ireo fivondronan' ny mpanjono izany, ny amin'ny hananan' izy ireo anjara mavitrika kokoa amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ho tombontsoan' ny faritra.

Ivondronan'ny mpandraharaha matihanina sy fikambanana, miisa 36, ao anatin' ireo firenena mpikambana ao amin'ny COI ny FPAOI, ka vetivety dia tonga mpisehatry ny faritra izy, tsy hoe mandray anjara fotsiny amin'ny fanaovana ny faritra ho matihanina fa miara-mandinika koa ny ho avin'ny jono eo amin'ny faritra.


Ankehitriny, mitohy ny fanohanan'ny COI ny FPAOI, amin'ny alàlan'ny tetikasa SWIOFish2 izay vatsin'ny Banky Iraisam-pirenena ara-bola. Mikendry ny fanamafisana ny fahaiza-manaon' ireo vondron'ny mpanjono, izao fanohanana izao, izy ireo izay mpiantsehatra ifitony ka tompon' andraikitra eo amin'ny fitantanana ny jono. Amin'ny alàlan' ny tetikasa SWIOFish2 no andraisan' ny COI sy ny Banky Iraisam pirenena anjara amin'ny fanatsarana ny fanjonoana sy ny fanomezana lanjam-bidy ny vokatra ary koa fitadiavana ny fomba samihafa hanatsarana ny fari-piainan' ny mpanjono.



## Momban' ny FPAOI

Ny FPAOI dia fivondronana matihanina eo amin'ireo mpanjono ara-pomba nentim-paharazana avy amin'ny firenena 5 eto anivon' ny Ranomasimbe Indiana (Comores, Madagascar, Maurice, Seychelles ary La Réunion).

Ity fikambanana ity no sehatra misolotena ireo mpanjono madinika izay mivelona amin'ny vokatry ny ranomasina. Misy 130.000 eo ho eo ny asa fivelomana miankina mivantana amin'ny jono, raha eo amin' ny lafiny asa madinika, ao amin'ireo firenena 5 mpikambana ao amin'ny COI.



## Ny jono nentim-paharazana

Ny jono ara-pomba nentin-drazana, ho fivelomana, no fomba ampiasain'ireo mpanjono ao amin'ny Ranomasimbe Indiana.

Ny fanjonoana nentin-drazana dia mampiasa fitaovana nentim-paharazana, toy ny aranjono, ny tsipìka sy fitsindrona, ny harato arotsaka ary ny lakana.

Tsy ahodina ho zavatra hafa ny vokatra azo, amin'ny ankapobeny, fa natokana ho an'ny fanjifana eo an-toerana ihany.






## Ireo fanamby

- Tsy afaka mandray anjara mavitrika ara-pitantanana, ny fanjonoana nentim-paharazana amin'izao ankehitriny izao. Misy fiantraikany eo amin'ny fitantanana sy ny fitrandrahana ny harena iombonana ato amin'ny fari-dranomasina Oseana Indiana izany.

- Mety hahitana famoronan' asa sy fidiram-bola ao amin' ny firenena tsirairay mpikambana ao amin' ny COI, ity lalam-pihariana nentim-paharazana ity, na dia mbola vitsy aza ireo manaiky izany.

- Tsy misy fiantraikany firy, amin' ny ankapobeny, manerana ny faritra, ny fanavaozana ifitony, ataon'ireo matihanina kanefa ny fanapariahana izany fanavaozana izany dia mety hanome lanja ny fahaiza- manaon' ny mpanjono, ary hampisongadina ny anjara toeran' ity asa ity eo amin'ny toe-karenan' ny faritra.




## Tanjon'ny sampana FPAOI amin'ny tetikasam-paritra SWIOFish

- Manamora ny fandrindrana sy fanamafisana ny firaketana an-tsoratry ny FPAOI.
- Manamora ny fandraisan'anjaran' ireo fivondronan' mpanjono ara-pomba nentin-drazana ireo, aty amin'ny faritra atsimon' andrefan' ny Ranomasimbe Indiana, sy amin'ireo fihaonan' ny faritra ary ny iraisam-pirenena.
- Manohana famolavolana mampiaty kokoa, mikasika ny politika sy fitantanana ny jono.

2018 2019 2020 2021 2022 2023

## Tetibola

USD 2,3 tapitrisa, ny Janoary 2018 ka hatramin' ny Septambra 2023.





## Asa atao

a) Mandray anjara amin'ny fivoriana ara-dalàna sy ny fifampidinihina isam-paritra Fanaovana fivorian'ny Komity Mpanatanteraky(COMEX) ny FPAOI, fivoriana 4 isan-taona.

b) Fanofanana ireo mpikambana: voatondro ho in-3 isan-taona.

c) Fandraisana anjara amin'ireo hetsika samihafa any amin'ny faritra sy Iraisam-pirenena: (a) Fankalazana ny Andro Iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy, ny volana Martsa (isan-taona). (b) Fankalazana ny Andron'ny jono, ny volana Novambra. (c) Fivorian'ny vaomieran' ny lamàtra (thon) eto amin' ny Ranomasimbe Indiana (SS3), singanina manokana koa ny FAO.

d) Fandaharan'asa, hisian'ny fifanakalozana mpanjono, amin'ny samy vondrona mpikambana nasionaly: fifanakalozana amin' ny samy matihanina, misy fanampiana ara-bola manokana ho an'ny mpanjono avy any Madagasikara sy Kaomoro irery ihany.

e) Fanaovana fivoriambe isan-taona: indray mandeha, isan-taona, ny volana Oktobra.

f) Fitsidihina ifitony: misy fitsidihina ifotony, in-5 isan-taona, ho fampahafantarana bebe kokoa ny FPAOI amin'ireo fikambanan'ny mpanjono rehetra, sy ho fanentanana azy ireny manoloana ny fanamby miandry ny jono ara-pomba nentim-paharazana aty amin' ny faritry ny Ranomasimbe Indiana.

Tetikasa isam-paritra ny

COMMISSION DE L'OCÉAN INDIEN

GROUPE DE LA BANQUE MONDIALE

**SWIOFish2**
Blue Tower - 5ème étage | Rue de l'Institut, Ebène, Maurice
T. : (+230) 402 61 00